FANAZAVANA NY " LOGO" FAMINDRAMPON'ANDRIAMANITRA

Fary lava vaniny io ka mamy tokoa, averimberina fa mahasoa. Hanazava mikasika ny logo ny famindrampo. Io logo io no mamintina ny hevitry ny taona masina ary maniraka atsika hanao ny rehetra hianana mandritra an'izay taona masina izay. Ovale fa tsy boribory ny logo. Eo amin'ny ovale io no misoratra hoe : « Mamindra fo tahaka ny Ray ». Izay no hafatra amin'io sary io.
Jesoa hitantsika amin'ny sary io dia endrik'Andriamanitra mpamindra fo, famindrampon'Andriamanitra, na isika mpanota baben'i Jesoa koa dia asain'Andriamanitra ho mpamindra fo tahaka azy. Ny olona anankiroa amin'ny sary io izany dia i Jesoa sy isika mpanota, hitantsika amin'izany fa samy mpanota isika ary i Jesoa izy ilay mifantsika amin'ny hazo fijaliana no mibaby ny fahotantsika, izay ny vaovao mahafaly amin'izao taona masina izao ary anasana atsika.

Ny sary ovale dia midika ny fifandraisan'ny tany sy ny lanitra, ary i Jesoa mifantsika eo amin'ny hazo fijaliana no varavarana, izay ny mahatonga hoe sokafana ny varavaran'ny lanitra, varavarana masina mba idirantsika amin'ny varavaran'ny lanitra amin'izao taona masina izao. Manambara koa fa efa misokatra ny varavarana, miray ny lanitra sy ny tany.

Ny loko manga amin'ny ovale, ny lanitra ary izay ny andrandraintsika. Misy maizina ny loko manga izay midika fa avy amin'ny haizin'ny fahotana isika (loko manga mainty) ho entin'i Jesoa hampidiriny amin'ny varavaran'ny lanitra(manga mazava) . Jereo ny maso raha ny tokony ho izy efatra satria olona anankiroa, nefa telo ihany no hita amin'ny sary, tsy hoe sampona fa misy dikany izany hoe : mitambatra ao anaty famindrampon'Andriamanitra ny mason'i Jesoa sy ny masontsika, miova ho maso tokana amin'ny mason'i Jesoa ary izay ny masom-pinoana araka ny averimberiko matetika amintsika hamakivakiantsika amin'izao taona masina izao. Enga ho MASO IRAY amin'Andriamanitra isika ka ho FO IRAY aminy ka izay rehetra jerentsika dia araka ny sitrak'Andriamanitra ary ho tia tahaka an'Andriamanitra ka HAMINDRA FO TAHAKA NY RAY

Manambara ny toe-panahy hoentintsika hamakivaky ny taona masina ny logo, ny famindrampon'Andriamanitra manatona atsika, i Jesoa dia mibaby atsika ary anjarantsika ny manatona ny famindrampon'Andriamanitra. Izy mibaby ny fahotantsika, mahantra isika noho ny fahotana ary izay ny Eglizy, kanefa vonjen'Andriamanitra. Manankarena ny famindrampon'Andriamanitra ka manatona an'izany famindrampo izany isika ka izay no anaovantsika an'ireto ezaka dimy :
Manao pelerinajy, manao ny fitsaohana ny sakramenta masina, manao ny vavaka, miombom-bavaka amin'ny Papa Ray masina, manao ny sakramentan'ny famindrampo ary mankalaza ny

Eokaristia.
Izay no ataontsika, handraisantsika ny famindrampo mitafotafon'Andriamanitra.

Misy zavatra telo hihainantsika an'izay famindrampon'Andriamanitra izay :

- Hanalavitra ny hery setra isika eo anivon'ny fianakaviana, fiaraha-monina sy ny fiainantsika andavanandro. NY TSARA NO ENTINTSIKA HIADIVANA NY RATSY
- Tsy hanapotika ny zavaboahary isika na dia manjaka amin'ny zavaboahary fa tsy hanjakazaka. Ho mpanjakan'ny zavaboahary, ho mpikarakara, ho mpikoloko ka amin'izao faha-60 taonan'ny diosezy izao, hiezaka isika mba ho diosezy maitso ka ny vita batemy tsirairay dia hamboly hazo enina isan'olona mandritra ny folo taona, mahavita mihoatra moa vao mainka tsara. Mety hanontany anareo aiza ny tany, aiza ny zanakazo ? Tahaka an'i Abrahama nitondra an'Izaaka isika dia hitan'Andriamanitra ny hahasoa atsika, aza manahy fa ho hisy ny tany, malalaka i Madagasikara ary ho hisy ny hazo satria tsy ilaozany fahasoavan'Andriamanitra izay miara-miasa aminy araka ny voalazako matetika hoe raha manao ny asan'Andriamanitra isika dia Andriamanitra hanao ny asantsika.
- Aza adino fa miainga amin'ny fianakaviana ny ezaka rehetra ataontsika, ka amin'izao taona masina izao hivavaka ny fianakaviana satria izay manaporofo fa mandray ny famindrampon'Andriamanitra isika, hampandroso an'Andriamanitra ny Eglizy kely ka isaky ny Asabotsy miaraka mivavaka. Minoa ahy ianareo ry Kristianina havana fa na dia eo aza ny mety ho sento na fahoriana fa raha mivavaka isaka Asabotsy miaraka amin'i Masina Maria ny fianakaviana mandeha mamonjy Eglizy dia mahatoky an'Andriamanitra aho fa hahazo fahasoavana manokana izay fianakaviana manatanteraka an'izay. Matokia ahy ianareo.

Mety hisalasala isika, misy koa ny fakam-panahy fa raha manatona ny famindrampon'Andriamanitra isika amin'izao taona masina izao dia ho sambatra, ho soa ny fianakaviana mivavaka.
Izay ny tapany voalohany nentina ho fanazavana ny logo ny famindrampo ka hampiharintsika amin'ny fiainana.

Mompera Arseveka Benjamin Ramaroson